SAHOTAKA TANY ANTSALOVA 4

# MIARAMILA 1 NANAPOAKA BASY, VOATIFITRY NY ZANDARY NY NAMANY

MARINA IZANY ! 7

## MAHAMAY NY TANÀNA !

Gazetiko
www.gazetiko.mg

Laharana 7632 | Taona faha-25 | Vidiny : 500 Ariary | Gazety mivoaka isan'andro | Talata 01 aogositra 2023

MIHAVA TOUR 7

## HOTOHIZANA ANY AMIN'NY DISTRIKA 4 ANY FIANARANTSOA



FIFIDIANANA FILOHAM-PIRENENA 7

# NAMPAHALALA NY MAHA KANDIDA AZY I HAJO ANDRIANAINARIVELO



SECES ANTANANARIVO 2

## HITOHY HATRAMIN'NY 7 AOGOSITRA NY ONIVERSITE MATY

ASIEF 8

## RAIKITRA NY FIFANI-NANAM-PIRENENA



MARC RAVALOMANANA 7

# "MIHARIHARY NY FAMPIASANA FAHEFANA ANAOVANA PROPAGANDY"






Seces sampana Antananarivo

# Hitohy hatramin'ny alatsinainy 7 aogositra izao ny Oniversite maty

*Faninefany izao no nanaovana maty sy mangina ny eny anivon'ny Oniversiten'Antananarivo.*

Nitohy omaly teny Ankatso ny fivoriambe nataon'ny Seces sampana Antananarivo. Tapaka tamin'izany fa : hitohy hatramin'ny alatsinainy 7 aogositra 2023 ho avy izao ny Oniversite maty sy fikatonan'ireo foibem-pirenena amin'ny fikarohana. *''Izany dia ho fanohizana ny fitakiana ireo zo sy tombontsoan'ny mpampianatra mpiakaroka sy mpikaroka mpampianatra ka antony nahatonga amin' izao hetsikay izao. Mbola isan'ny tafiditra ao anatin' izany ny fandoavana ny tambin-karamanay tamin' ireo ora fanampiny tsy mbola azonay. Andrasana ny fankatoavan'ny Governemanta''*, hoy ny mpampianatra eny Ankatso iray taminay omaly. Nanamafy ny fivoriambe fa mandra-pisian'ny vahaolana mahomby sy maharitra eken'ny mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra dia hitohy hatrany ireo fitakiana ny zo sy hasin'ny mpampianatra mpikarokara sy mpikaroka mpampianatra eo anatrehan'ny fanaovan'ny fitondram-panjakana zinona ny fampianarana ambony sy ny fikarohana ara-tsiansa. Faninefany izao no nanaovana maty sy mangina ny eny anivon'ny Oniversiten' Antananarivo noho izao hetsiky ny mpampianatra efa naharitra izao.

**HAR**

Tetikasa PRODUIR

## Vita ny 90 isanjaton'ny asa andiany voalohany



**Lanonam-panolorana ireo fitaovana teny Manakambahiny.**

Mihazakazaka ny fanatanterana ny tetikasa PRODUIR (Projet de Développement Urbain Intégré et de Résilience). Nambaran'ny mpandrindra ankapoben'ity tetikasa ity, Haja Rasolofojaona, fa efa vita ny 90 isanjaton'ny asa fametrahana ireo fotodrafitrasa an-tanàn-dehibe miisa 206 eto Antananarivo Renivohitra. Tafiditra ao anatin'izany ireo lalan-kely, lalana, totoha-bato, paompin-drano, toeram-panasam-damba, toeram-pidiovana sy fanadiovana, trano famakiam-boky, toeram-pilalaovana basikety, sns. Hiditra amin'ny andiany faharoa ny tetikasa ankehitriny, koa fotodrafitrasa eo amin'ny 234 no hapetraka ao anatin'izany. Omaly, teny amin'ny biraon'ny PRODUIR Manakambahiny, nisy ny fanolorana kamiao telo sy fitaovan-tserasera 55 ary kojakojam-panadiovana 755 sy sarety 100 ho an'ny kaominina Bemasoandro, Andranonahoatra ary Anosizato Andrefana sy ho an'ireo rafitra RF2. Tonga nanome voninahitra ny lanonana ny Minisitry ny fanajariana ny tany sy ny fananan-tany ary ny Ben'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra. Samy nanamafy ireo Ben'ny tanàna misitraka ity tetikasa ity fa mila fanohanana ny asa fanajariana ny kaominina tarihin'izy ireo, ka tokony hafainganina ny fanatanterahina ireo asa manaraka. Anisan'ny efa nisitraka kamiao 10 tamin'ity tetikasa ity ny kaominina Antananarivo Renivohitra, ary mbola hisy koa ny fanomezana kamiao telo ho an'ny APIPA, ary ny fanomezana kojakoja famatsiana herinaratra avy amin'ny masoandro ho an'ny kaominina Iarinarivo sy ny fanohanana ny fikambanam-behivavy ao amin'ity kaominina ity noho ny fanekeny ny fanatobiana ireo fotaka hosokirina ao amin'ny lakan-drano C3, izay asa goavana tena iantsorohan'ny PRODUIR mba hisorohana ny tondradrano eto Antananarivo mandritra ny fotoam-pahavaratra.

**R. Muray**

Andro maneran-tany ho an'ny vehivavy Afrikanina

# "Miompana amin'ny fametrahana ny haitao ara-kajy mirindra"

*''Tompokolahy sy tompovavy, isaky ny faha-31 ny volana jolay no natokan'ny firenena maro ankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny vehivavy Afrikanina. Ny fotoana toy izao izao no ahatsiarovana an'ireo dingana rehetra efa natao ho fampivoarana ny zon'ny lahy sy ny vavy ho fanamafisana ny ezaka efa vita. Ny lohahevitra amin'ity taona 2023 ity dia: ny tontolo nomerikan'ny vehivavy Afrikanina, fanavaozana sy teknolojia ho amin'ny fitovian-jo ho an'ny lahy sy ny vavy ary ny ankizivavy Malagasy. Izay dia miompana amin'ny fametrahana ny haitao ara-kajy mirindra izay fomba iray ahafahan'ny vehivavy sy ny tovovavy mitondra fiovana ary ny fampandrosoana ho azy, ho fahatrarana ny miralenta. Ho antsika eto Madagasikara dia efa aoa anatin'ny veliranon'ny Filoha Andry Nirina Rajoelina ny fampitoviana an'izany zo izany ary adidy sy andraikitra hiantsorohantsika isan'andro''*, hoy ny Minisitra Soafilira Princia. Fantatra fa ho maro ny hetsika ho entina manatanteraka ny fankazalana izay eo ambanin'ny fitarihan'ny Minisiteran'ny mponina, ny fiahiana ara-tsosialy ary ny fampivoarana ny vehivavy.



**Ny Minisitra Soafilira Princia.**

**Andraikitra**

Nisaotra an'ireo mpiantsehatra rehetra ny Minisitra Soafilira Princia, tamin'ny fifanomezan-tanana niaraka tamin'ireo mpiara-miombon'antoka isa-tsokajiny nanatanteraka ny andraikitra tandrify azy ireo tsirairay avy indrindra ny fampivoarana ny vehivavy sy ny tovovavy manokana. *''Tena mbola maro ireo miaina ao anatin'ny herisetra sy marefo arapivelomana ary ireo tratran'ny fanavakavahana sy ny tsindrihazolena vokatra ny tsy fahafahana misitraka ny zony. Amin'ny maha-Minisitry ny mponina ny tenako dia manentana ny olom-panjakana sy ny olom-pirenena sy ny fiarahamonim-pirenena tsy ankanavaka: ny tanora, raiamandreny, ny mpanabe, ireo ray aman-dreny arapanahy, ireo raiamandreny ara-drazana. Ndeaha hiaradalana isika hamongotra ny herisetra hampanjaka ny fitovian-jo eo amin'ny lahy sy ny vavy. Hiara-hientana hatrany hanatrarana ireo tanjona iraisana ka hisitrahan'ny vehivavy ny zony eo amin'ny lafim-piainana ehetra ahafahany mandray anjara amin'ny fampandrosoana, ny fiarahamonina sy ny firenena. Izany no antoky ny fampandrosoana''*, hoy hatrany Minisitra Soafilira Princia.

**Heriniaina A.**

Global Partnership for Education

# Tanjona ny hitondra fanovana mifanaraka amin'ny filan'ny firenena

Nifarana ny faran'ny herinandro lasa teo ny dinik'asa fifanakalozana traikefa entina andrafetana ny « Pacte de partenariat » ao anatin'ny zotra fanavaovana ny tontolon'ny fanabeazana. Noraisina teto Madagasikara ny minisitry ny fanabeazam fanabeazam-pirenena sy ny fikarohana ara-tsiansa avy ao Burundi, ny delegasiona avy ao Djibouti sy i Côte d'Ivoire. Tanteraka izany dinik'asa izany noho ny fiarahamiasa tamin'ny Global Partnership for Education (GPE) sy ireo mpiara-miombona antoka toa an'i UNICEF. Tanjona tamin'izany ny fizarana traikefa, fanamafisana ny fahaiza-manao ary fisontomana ireo vokatra tsara hita amin'ny firenena tsirairay avy. Hamoaka tondrozotra iray hoentina manatsara ny fanabeazana ao anatin'ny 5 taona ho avy indray. Nivoaka tamin'ny alalan'ny latabatra boribory sy asa niarahana natao ny hevidehibe rehetra ary nampiarahana amin'ny dinik'asa efa natao tany aloha tany. Anisan'ny firenena efa nahita vokatsoa i Cote d'Ivoire ary hita fa misy fiovana ny kalitaom-pampianarana any an-toerana ary noentin'izy ireo tao ny tombontsoa sy ny traikefa azony mba handinihana ny fanovana mety hisy. Ho an'ny tombontsoan'ny ankizy sy hahafahan'ny zaza rehetra misitraka ny zony hianatra, vonona hanohana hatrany ny GPE izay efa miasa eny anivon'ny firenena 90. Manampy amin'ny fananganana rafi-panabeazana matanjaka sy maharitra amin'ny karazana tranga mety misy mba hanovana ny fanabeazana sy hanolorana fanabeazana tsara kalitao ho an'ny ankizy rehetra.



**Ireo tomponandraikitra ambony misahana ny fanabeazana tonga nidinika sy nizara traikefa teto Madagasikara.**

**Nath**

Sekoly ambony ESSA

# Nametraka fanamby ho an'ny fanjariantsakafo eto Madagasikara

Mankalaza ny faha-60 taonany amin'ity taona ity ny ESSA (Ecole Supérieure des Sciences Agronomiques) ao amin'ny Oniversiten' Antananarivo. « *Hiroso kokoa amin'ny lafiny famokarana izahay ho fanomanana ny 60 taona manaraka fa tsy hihanona amin'ny fitadiavana asa fotsiny. Ireo injeniera volavolainay no fanohitra amin'izany mba hahafahana miantoka ny fanjariantsakafo eto Madagasikara, indrindra fa eny amin'ny tontolo ambanivohitra.* », hoy Randrianarivelo Seheno Arsène, talen'ny ESSA. Tamin'ny sabotsy lasa teo, nisy ny fanatanterahana hetsika, izay niantsoana ireo maintimolaly. Nodinihina tamin'izany ny fomba hanatsarana ny tontolon'ny fampianarana sy ny lafiny fikarohana . Nisy koa ny fanaovana'ireo mpianatra varotra fampiantiana. Marihina fa misy departemanta 7 ao amin'ity sekoly ity ankehitriny. Mamoaka injeniera eo amin'ny 100 isan-taona ary efa nahavita namoaka injeniera manodidina ny 6 000 hatramin'ny fotoana nisiany nanomboka tamin'ny 1963. Tsy manana olana amin'ny fitadiavana asa ireo mpianatra na eto an-toerana na any Ivelany. Vinavinaina hanomboka amin'ny faramparan'ny volana oktobra ho avy izao ny fifaninanana hidirana amin'ny taona voalohany.



**Tonga namaly ny antso ireo maintimolaly navoakan'ny ESSA.**

**R. Muray**

Tily Eto Madagasikara

# Hetsika maro loko hanamarihana ny tsingerintaonan'ny Skotisma

*Etsy Analakely no hifamotoana ny Tily rehetra.*

Marihana anio manerana ny firenena 171 misy ny fikambanana Skoto ny tsingerintaona niforonan'ny Skotisma. Raha ny marina dia tsingerintaona nisokafan'ny lasy andrana nataon'i Baden Powell tao amin'ny Nosy Brownsea. Io lasy andrana io no niandohan'ny skotisma izay mbola mamolavola olom-pirenena mandray andraikitra maro 100 taona mahery aty aoriana. Anisan'ny hanamarika izany isika ka ny Tily Eto Madagasikara (TEM) hafanain'ny Faritany Tily Analamanga Afovoany izay tompomarika amin'ny fiarakarana. Etsy amin'ny Parvis Lapan'ny Tananan'Antananarivo Renivohitra etsy Analakely no hifamotoana ny Tily rehetra ka maro ny hetsika entina manamarika ity andro lehibe ho an'ny fanabeazana skoto ity androany. Manomboka amin'ny 7 ora maraina ny famoriana araka ny fomba skoto ary aorian'izay ny fanomanam-panahy. Amin'ny 8 ora sy 11 minitra dia haneno impolo ny lakolosy.



Hifamotoana etsy amin'ny Parvis Hotel de Ville Analakely ny Skoto anio.

Hanao ny hira fanekena avy hatrany ny mpivory aorian' izay. Misy ny antso avo ataon'ny mpitarika amin'io fotoana io ka tafiditra ao antin'izany ny fanirahana. Izany moa dia tafiditra ao anatin'ny foto-kevitra hijoroan'ny Skoto ka hisongadina amin'izany ny fandokoana ny trano misy ny mpamonjy voina (pompier ) etsy Tsaralalana. Manomboka amin'ny 8 ora sy sasany ka hatramin'ny 1 ora antoandro no hanatanterahana izany. Hampiavaka ity andro anio ity ihany koa ny famelabelarana arahina ady hevitra mikasika ny loha hevitra hoe *"Ny lanjan'ny fanabeazana tsy manara-drafitra eo amin'ny fampivelarana ny zaza sy ny tanora malagasy"* izay atao etsy amin'ny "Maison de l'entrepreneuriat Ambohijatovo" manomboka amin'ny 4 ka hatramin'ny 4 ora sy sasany. Amin'ity fotoana ity ihany koa no hitsofan-drano ireo tanora solontenan'ny Faritany hanatrika Tendro atao any Fianarantsoa tsy ho ela intsony. Manomboka amin'ny 6 ora kosa ny fandefasana ilay hironan-tsarimihetsika mitondra ny lohteny hoe "Mamela marika".

**Tiaray R**

Tontolon'ny serasera sy ny nomerika

# Hisy atrikasa mahakasika izany hatao etsy amin'ny AFT Andavamamba anio

Efa tafiditra tanteraka ao anatin'ny vanim-potoanan'ny nomerika isika amin'izao. Saika efa mahay mikirakira ireo teknolojia vaovao avokoa ny rehetra indrindra moa fa ireo tanora. Zavatra iray efa mifamatotra amin'ny fiainana andavanandron'izy ireo tokoa izany ary na ny asa izay hataony ao aoriana kely aza dia maro ireo tanora mifidy ny hisehatra amin'ny asa izay mifandraika amin'ny tontolon' ny nomerika izany. Manoloana izay indrindra dia misy ny atrikasa izay hiompana amin'ny asan'ny serasera sy ireo asa rehetra misokatra mifanaraka amin'izany ho atao etsy amin' ny AFT Andavamanba anio atoandro manomboka amin' ny 2 ora sy sasany. Ireo tanora izay voalaza etsy ambony ireo no tena antsoina ho avy hanatrika izany, eny fa na dia mbola misy mpianatra eny amin'ny lisea aza izy ireo, eo koa ireo tanora vao avy nanala bakalorea teo kanefa mbola tsy manana safidy tsara ny amin' izay fianarana ho ataony. Asaina ho avy ihany koa ny rehetra izay liana amin'izany tontolon'ny serasera sy nomerika izany fa betsaka ireo zavabaovao ho hitany ao. Hisy fifampizarana maro be mantsy amin'io izay haharitra eo amin'ny ora iray ihany ka tsara raha tsy tara fahatongavana. Olona matihanina sy manana traikefa moa no ho avy hizara fahalalana ao mandritra izany atrikasa izany ; manana tanjona ny mba hanosika sy hanatevina ny fahalalan' ny rehetra izy ireo momba izany tontolon'ny nomerika izay efa nivoatra be izany.

**Tanya.R**

Athéna.mg

# Mikarakara horonantsary ankalamanjana amin'ny sabotsy izao

Zavatra miavaka kely no hatolotry ny Athéna.mg ho an'ny mpankafy horonantsary rehetra amin'ny sabotsy izao. Raha ny mahazatra mantsy dia anaty efitra no fandefasana horonantsary fa ho azy ireo kosa dia ho ataony eny ankalamanjana indray izany. Etsy amin'ny kianja filalaovana « basket » etsy Amboditsiry no handefasan' izy ireo izany, hanomboka amin'ny 5 ora hariva ny fotoana amin'io. Horonantsary mampatahotra izy ity ho an'izay mankafy izany, mampiseho



I Oceane, mpitantana ny Athéna.mg

ny toeran'ny vehivavy koa anefa eo amin'ny fiarahamonina ; izay no lohahevitra tian'izy ireo ho voizina rahateo : ny herisetra ara-nofo mahazo ny vehivavy sy ny horohoro aterak'izany. Fanahy iniana tsy nolazain' izy ireo kosa ny lohatenin'ity horonantsary ity fa natao tsy ampoizina (surprise) mihitsy. Vao andiany voalohany moa izao hetsika ataon'izy ireo izao ary manana vina izy ireo ny mbola hanohy izany. Ezahana koa ny hoe hitondra lohahevitra hafa sy ho entina amin'ny toerana hafa mba samy hahita izany avokoa ny rehetra. Horonantsary ho an'ny ankizy indray no vinain' izy ireo hatao amin'ny manaraka.

**Tanora mpandraharaha**

Tsara moa ny manamarika fa tovovavy tanora iray no mitantana ny Athéna.mg. Ramangason Tiavina Oceane, io no anarany, vao avy nanala bakalorea izy tamin'ny herintaona. Tanjony ny ho lasa mpandraharaha malaza hatrany ivelany mihitsy ary maniry ny hianatra any ivelany koa moa izy mba handalina bebe kokoa momba izany fandraharahana izany. Tsy ampy anefa ny eo am-pelatanany ahafahany manatratra izay tanjona izay ka dia nanao ity tetikasa ity aloha izy entiny atao fitadiavam-bola, tsy hijanona amin'izay fotsiny anefa fa iriany ho lasa orinasa miroborobo mihitsy izany ao aoriana kely ao. Ny Athena.mg dia orinasa iray mikarakara karazana hetsika, na izany resaka mariazy na tsingerintaona na koa hafa. Afaka manampy ny olona te hanao hetsika iray izy ireo amin'ny lafiny rehetra mihitsy. Mandritra ity hetsika voalohany izay ataon'izy ireo ity no ho ampahafantarin'izy ireo bebe kokoa amin'ny olona ny momban'ny zavatra ataon'ny orinasa. **Tanya.R**

**HOTSAKOTSAKOINA**

"Azo atao ny mampisy ny tsy misy raha ananana ny hambom-po maniry ny lafatra sy herim-po tsy mety sasatra."

Ny Vetso (29 .03. 14)

("A l'ambition, tout semble être possible." Antoine François le Bailly)

Lalaon'ny Frankôfônia - Literatiora

# Nahafeno ny fepetra notakina rehetra i Narda Natioranomena



Nampiavaka an'i Narda Natioranomena ny nitondrany ravaka an-tsehatra manamafy ny asa sorany.

Anisan'ny mpanakanto mandray anjara amin'ny lalaon'ny Tany mampiasa amin'ny ampahany na manontolo ny teny Frantsay eo amin'ny resaka literatiora i Narda Natioramena Niatrika ireo mpitsara i Narda Natioranomena omaly ka "Monsieur Stylo". Io ny sanganasa nentin'i Narda Natioranomena mifaninana amin'ny sokajy literatiora, aty amin'ny Lalaon'ny Frankôfônia andiany fahasivy, Kinshasa, RDC. Niatrika ireo mpitsara ity mpanoratra malagasy ity omaly, namaky ny ampahan'ny asa sorany, tao amin'ny « Centre Walonnie Bruxelles ». Nampiavaka an'i Narda Natioranomena tamin'ireo mpifaninana aminy ny nitondrany ravaka an-tsehatra manamafy ny asa sorany. Raha tsy misy ny sampona dia hivoaka anio hariva ny valin'ny fifaninanana sokajy literatiora. Marihina fa efa nalefa mialoha tamin'ireo mpitsara ireo sanganasa mifaninanana, fa fanampina naoty sisa ny fanehoana an-tsehatra. Nahafeno ny fepetra notakina rehetra i Narda Natioranomena.

Fa ankoatra izay, Ny Alahady alina teo ihany koa no nanomboka ny fifaninana eo amin'ny sokajy hira eo amin'ity lalaon'ny Frankofonia ity tao amin'ny « auditorium du Palais du Peuple ». Ny Tarika Ndaty Lahy no nisolotena antsika. Ao amin'ny "vondrona A" miaraka amin'ny Rdc, Liban ary i Bénin isika. Hira roa no nataon ny Ndaty Lahy dia ilay hira hoe "Nanino", "Ino toy". Miova hira ry zareo raha tafakatra amin'ny dingan'ny famaranana. Ny Sokajy "Jonglerie Freestyle" aloha hatreto no antenaina hibata medaly voalohany satria tafakatra ampahefa-dalana ry zareo.

**Tiaray R**


## PETITES ANNONCES Gazetiko

### MIVIDY

* Lamba, kiraro, fanaka, machine, vy, TV, debara, kilalao sns. Tél : 034.03.047.43. Mme Sarah. (G-BA 600/20-19)

* Mm Feno. Mividy kojakoja, fanaka, poketra, kiraro, debara sns. Tél : 034.22.160.88 / 033.01.764.83. (G-BA 609/17-6)

### COURS

* Cours de massage 3 jours ahaizana manotra. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 608/10-7)

* Cours de coiffure accéléré spécial vacances. Sarany mirary. Tél : 034.39.292.03. (G-BA 608/10-7)

### COURS DE MUSIQUE

* Cours de musique à domicile : Piano, orgue, clavier. Accélérer 2 mois. Tél : 034.53.257.77. (G-BA 612/7-4)

### SERVICE

* Vidange fosse wc perdu, puisard, plomberie, réparation, pompage. Tél : 034.86.276.79. (G-BA 610/6-6)

### VIDANGE

* Service vidange fosse septique, puisard, wc perdu, Makiplast, wc gasy. Tél : 038.50.054.35. (G-BA 605/15-12)

* Vidange fosse septique, fosse perdu, puisard. Tél : 034.19.333.09 / 033.64.965.79. (G-BA 611/10-5)

Sahotaka tany Antsalova

# Miaramila 1 nanapoaka basy, voatifitry ny zandary ny namany

*Nampandrenesina ny lehiben'io miaramila io ary nosintonina teny aminy ny basiny.*

Nirefotra ny basy tany Bemonto any amin'ny distrikan' Antsalova afakomaly tokony ho tamin'ny 8 ora alina. Olona iray no naratra voatifitry ny zandary teo anelakelan'ny ambonin'ny feny. Araka ny fanazavana, nisy poa-basy indroa nataona miaramila tao amin'ilay toerana ka nampisahotaka ny olona. Tamin'ny vao naheno ilay fipoahana dia maro no nihevitra fa misy dahalo tafiditra ny tanàna. Nisahotaka samy nitady lalana nitsoahana ny olona. Tao ihany koa no niantso zandary. Vantany vao naheno izany ireto farany dia nandeha nidina ifotony. Nasaina niditra tany an-tranony avokoa ny olona mba tsy hivoaboaka intsony. Dia niandry izay zavaniseho ireo zandary. Nony afaka kelikely dia nisy olona iray tsy fantatra tonga avy any nanatona ireto farany ka mailo izy ireo ary nanome fampitandremana azy intelo mba tsy hanatonany.

**Nandroso hatrany**

Tsy nihemotra anefa io olona io fa mbola nandroso hatrany. Natao ny tifi-danitra fa tsy niverin-dalana mihitsy izy fa nanatona ny zandary ihany ka farany dia io voatifitra io ka naratra. Taorian' izay vao fantatra fa miaramilan'ny tafika niaraka tamin'ny kamiao iray avy any Maintirano ho any Antsalova no nanapoaka basy ka nahataitra ny mponina teo antanàna. Araka ny fanazavana hatrany dia mamo io miaramila io ary ilay olona nanatona ny zandary izay notenenina fa tsy nety nijanona io dia olona niaranisotro tamin'io miaramila io ary mamo ihany koa. Nisy ny fepetra noraisin'ireo mpitandro filaminana teo anatrehan' izay dia ny fampandrenesana ny lehiben'io miaramila io ary ny nisintonana ny basy teny an-tanany mba hisorohana ny tsy hisian'ny loza. Efa nentina namonjy toerampitsaboana ilay naratra taorian'izay.

T.H

Vohipeno

# Maty ny mpitahiry volan'ny "ADRA", 1 tapitrisa ariary voaroban'ireo jiolahy

Notafihin'ny dahalo ny tranon'ny mpitahiry volan'ny fikambanana "ADRA" (*Adventist Relief and Development Agency*) ao Bevoronosy fokontany Mahabe kaominina ambanivohitra Ifatsy distrika Vohipeno. Ny alin'ny alahady teo sahabo tamin'ny 8 ora no niditra an-keriny ireo olondratsy nirongo fitaovampiadiana, antsy sy famaky. Ny roa lahy nanao sarontava fa ny 3 ambiny kosa niseho endrika. Nokapain'izy ireo tamin'ny famaky ilay raim-pianakaviana voalaza etsy ambony. Voaroba tamin'izany ny lelavola mitentina 1 500 000 ariary, izay volan'ny fikambanana "ADRA", ary lasa ihany koa ny vola 25 000 ariary an'ny tompontrano. « Namoy ny ainy ilay mpiasan'ny fikambanana "ADRA" ity. Tsy azo ny ainy noho ratra sy ny rà very taminy. Nofirain'ireto olondratsy tamin'ny antsy ny sorony ary na dia niezahana nentina haingana teny amin' ny toeram-pitsaboana (hopitaly HENINTSOA) aza izy dia tsy azo ihany ny ainy » : raha ny loharanom-baovao.

**Tetikasa**

Manao ny fikarohana ireo olon-dratsy ireo ny zandary any an-toerana. Efa misy olona iray voarohirohy ho nahavanona ity fanafihana ity. Araka ny fanazavana voaray dia nianantsimo Andrefana ny dian'ireo jiolahy ireo. Nisy satroka sy gony iray latsaka tamin'ny lalana nandalovan' izy ireo izay fantatra fa an'ireo tsy mataho-tody. Nanao ny fanarahan-dia ny fokonolona sy ny mpitandro filaminana ary efa fantatra ny tompon' ireo fitaovana ireo. Marihina fa sahabo ho 63 taona ity lehilahy namoy ny ainy ity, izay mpitahiry vola ny fikambanana "ADRA". Io fikambanana dia miantsehatra amin' ny resaka tetikasa sy ny fiahiana ara-tsosialy. Manana solontena manerana ny faritra izy ireo ary manampy ny vahoaka marefo sy ny mponina eo amin'ny lafin'ny tohana ara-tsakafo, ny rano sy fidiovana, fambolena, fiompiana …sns.

Ariel D.

Fenoarivo Atsinanana

# Taolam-paty maro hita teo amoron-dalana

Nisy taolambalo hita tao amoron-dalana ao Ampiapiamena, zana-pokotany Mahasoa, fokontany Tsaratampona I, kaominina ambanivohitra Ambatoharanana, distrika Fenoarivo Atsinanana, ny faran'ny herinandro teo. Taolam-pe miisa 4, taolantsandry miisa 11, taolan-dava miisa 5 izay mitotaly 20 izy rehetra tao anaty gony plastika roa. Taorian'ny fampandrenesana dia nidina tany an-toerana ny zandary nanao ny fitsirihana niaraka tamin'ny lehiben'ny tobim-pahasalamana Tsaratampona sy ny sefo fokontany tao an-toerana ary fokonolona maromaro. Araka ny voalazan'ny dokotera nanao ny fizahana ny tranga dia taolan'olona sahabo eo amin'ny 40 taona no mihoatra ireo taolana ireo ary razana 9 no nakana azy raha ny tombana. Tsy fantatra hatreto ny olona nametraka azy io no tsy misy olona ahiahiana. Tsy misy fasana vaky koa ny teny amin'ny manodidina rehefa samy nanamarina ny azy ny fokonolona. Araka ny fanapahan-kevitry ny fokonolona sy ny sefo fokontany dia andrasana ny fahatongavan'ny Tangalamena amin'ny fikarakarana ny fandevenana ireo taolana ireo.

Ariel D.

**Gazetiko**
Novokarina sy natontan'i MIDI MADAGASIKARA S.A.
Sosaiety tsy anavahana anarana manana renivola
Ar 37 452 000
**Tale jeneraly :** Jeremy RABESAHALA
**Talen'ny Fanoratana :** Lucien RAHARISON
034 34 697 06
**Talen'ny Famoahana sady Tonian'ny Fanoratana :** Herivonjy RAJAONAH
034 34 697 10
**Birao sy fandraharahana :** Lalana Ravoninahitriniarivo
**B.P.** 1414 - Antananarivo
**Tél :** 22 697 79 / 22 697 80
**Fax.** 22 273 51
e-mail : midigazetikom@gmail.com
**D.L.I :** 16 208 - 08 - 23
Isan'ny natonta : 25 000

**Nahandro**

**Henan'omby sy karaoty**

**Zavatra ilaina :** henan'omby, karaoty, tongolo, lafarinina, divay fotsy, rano, menaka oliva, sira poivre, ovy,

**Fomba fahandroana azy :** Karakaraina ny hena, tetehina ny tongolo. Hafanaina ny menaka, dia arotsaka ao ny tongolo sy ny hena. Avela ho menafify tsara iny. Dia asiana lafarinina. Arotsaka ny divay fotsy, ny rano. Asiana ireo hanitra. Dia ahandroina mandritra ny adiny iray. Karakaraina ny karaoty. Ahandroina manokana. Toy izany koa ny ovy. Rehefa masaka izay vao tetehina. Dia afangaro amin'ilay hena avy eo rehefa vita saosy amin'ny dibera sy ireo hanitra isan-karazany.

Tsarasaotra

## Mpitondra bisikileta maty nofaohin'ny fiara

Nisehoana lozam-pifamoivoizana nahafatesana olona indray teny amin'ny làlana Digy Tsarasaotra omaly. Rangahy mpitondra bisikileta iray no maty tsy trà-drano nofaohin'ny fiara tsy mataho-dàlana. Raha ny fanazavàna azo dia vokatry ny fandehanana mafy loatra no nahatonga ny loza. Tonga dia nipitika avy teny ambonin'ilay bisikileta ilay rangahy. Nitangorona nijery ny zava-nitranga ny mponina sy ireo mpandalo raha vao nahita izany. Efa nampandrenesina ihany koa ny mpitandro filaminana. Matetika hitrangana loza mihitsy amin'iny Digy Tsarasaotra iny satria vao tamin'ny herinandro teo iny ihany koa no nisy ireo fiara miiisa dimy nifandona teny, izay samy nisy fahasimbàna avokoa. Noho izany dia tokony hitandrina hatrany ireo mpampiasa iny làlana iny mba hisorohana ny loza toy izao. Misy mantsy ireo mahita ny làlana malalaka dia misetrasetra loatra amin'ny fandehanana mafy.

R.C

Anosizato

## Lehilahy nambanana 3 lahy tamin'ny antsy

Lehilahy iray no nambanana telo lahy tamin'ny antsy teny Anosizato ny herinandro lasa teo. Tokony ho tamin'ny 2 ora tolakandro tamin'io, nandeha irery teny amin'ny arabe ity lehilahy iray no tamy avy any ny jiolahy telo ary nitondra antsy ny roa tamin'izy ireo. Ny iray tonga dia mibahana ny lalany eo aloha ary ny roa kosa mandritra izany manambana antsy azy amin'ny ilany avy, eo ankavia sy havanana. Dia ilay iray eo aloha no misava izay azo alaina amin'ilay lehilahy ka finday no lasan'izy ireo. Ilay lasibatra nandritra izany tsy sahy nanohitra satria natahotra ny ho voatsatok'antsy. Feno olona mandeha eny amin'ny arabe saingy tsy mahafantatra na inona na inona satria tao anatin'ny segondra vitsy monja no nanatanterahan'ireo olon-dratsy izany. Toy ny olona mifanena voabahana fotsiny no fijerin'ny olona ivelany kanefa dia manafina ilay antsy any anaty akanjony ireo jiolahy no sady atohony eo amin'ilay lasibatra izany.

T.H

Fanafihana tao Toliara

## Jiolahy 2 maty voatifitra, vehivavy 2 voadaroka

Tokantrano iray tao Sanfily- Toliara indray no notafihana jiolahy efatra nirongo basy ny Alahady lasa teo tokony ho tamin'ny 8ora alina. Mbola tsy natory akory ny tao an-trano no niditra ireo jiolahy. Nambanany tamin'ny basy avy hatrany ireo olona rehetra tao. Niantso vonjy ireo voatafika ka tezitra ireo jiolahy. Vokatr'izany dia namono ireto farany ka naratra voadaroka ilay renim-pianakaviana sy ny zanany vavy iray. Rehefa izany dia naka izay azony nalaina amin'izay ireo jiolahy ka salan'izy ireo tamin'izany ny solosaina sy ny finday tao an-trano. Efa nentin'ny fahamaizana loatra anefa ireo jiolahy satria nanomboka nitabataba ny tany ivelany raha nandre ilay antso vonjy ka tsy nijanona ela fa nitady lalana nandosirana haingana. Nampandre ny mpitandro filaminana avy hatrany ireo voatafika taorian'izany. Fotoana fohy dia tonga teny antoerana ny polisy ka raikitra ny fanenjehana ireo jiolahy, izay tsy mbola lasa lavitra akory. Nisy ny fifanjevoana ka lavon'ny balan'ny polisy tamin'izany ny roa tamin'ireo jiolahy. Tafatsoaka kosa ny namany roa lahy. Novonjena nentina haingana namonjy hopitaly ireo olona naratra.

R.C

MANAL'AZY DE MI'MEME



## Sarisary zary tenany

**Zarao**




## Hatsikana an-tsary

**Borosinify**




## Masoandro Miposaka

**Romana 11 : 13-14**

Fa ianareo jentilisa no itenenako. Koa satria Apostolin'ny jentilisa aho, dia mankalaza ny fanompoako, raha mba misy hahazoako hampialona ireo mifanapa-tsinay amiko, mba hamonjeko ny sasany aminy.

## Indray mipika





Nanatontosa ny pejy

Nil : Tel: 033 07 465 05




## Ohabolana



**Mitondra inon' iza moa aho izao no tsy hanao "manina azy" avy nandevina ?**

Puisque je ne rapporte rien de l'enterrement, pourquoi m'abstiendrais-je de chanter en revenant ?

## Sudoku

Fenoy isa 1 hatramin'ny 9 ny banga. Aoka tsy hiverina ny isa isaky ny andalana na ao anaty faritra efajoro.

Laharana **3012**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | 5 | | 1 | | | | |
| | 7 | | 8 | 2 | | 6 | 5 | |
| 8 | | | 4 | | | | 2 | |
| 3 | | | | | | 1 | | |
| | | | | | | 5 | 9 | |
| | | | 3 | 7 | | | | 4 |
| | | 7 | | | 4 | | | |
| | | 2 | 6 | | | | | 8 |
| | 3 | | 1 | | | | 6 | |

Valin'ny laharana **3011**

| | | | | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| 6 | 8 | 1 | 3 | 4 | 7 | 5 | 2 | 9 |
| 7 | 3 | 9 | 6 | 5 | 2 | 8 | 1 | 4 |
| 2 | 4 | 5 | 8 | 1 | 9 | 3 | 7 | 6 |
| 9 | 2 | 3 | 5 | 7 | 8 | 4 | 6 | 1 |
| 8 | 6 | 4 | 9 | 2 | 1 | 7 | 5 | 3 |
| 1 | 5 | 7 | 4 | 6 | 3 | 9 | 8 | 2 |
| 5 | 1 | 6 | 7 | 9 | 4 | 2 | 3 | 8 |
| 3 | 9 | 2 | 1 | 8 | 5 | 6 | 4 | 7 |
| 4 | 7 | 8 | 2 | 3 | 6 | 1 | 9 | 5 |

Fifidianana filoham-pirenena

# Nampahafantatra ny maha kandidà azy i Hajo Andrianainarivelo

*Nampiseho fahasahiana hisedra ny latsa-bato izay hataon'ny vahoaka amin'ny volana novambra Atoa Hajo Andrianainarivelo.*

Tapa-kevitra ! Mitombo isa hatrany ireo mpanao politika vonona hisedra fifidianana. Isan'ireo nampahafantatra ny maha kandidà azy amin'ny fifidianana filoham-pirenena izay hatao ny fiandohan'ny volana novambra izao Atoa Hajo Andrianainarivelo. Io moa no vokatry ny fangatahana nataon'ny filankevim-pirenen' ny antoko Malagasy Miara-Miainga (MMM) izay nivory teny amin'ny foibeny. « *Misaotra anareo aho, eram-po, erantsaina, tamin'ny fahatokisana izay nankininareo tamiko. Betsaka ny tokony hahavita kanefa izaho no nosafidianareo. Tsy karazan'olona miahiahy isika, fa rehefa fanapahan-kevitra dia fanapahankevitra, rehefa sahy dia tena sahy ary rehefa hilatsaka hofidiana dia hiady tena hiady ary tsy maintsy ho lany* », hoy ny Filoha nasionalin'ny antoko MMM tamin'ny kabariny teny Ankerana omaly. Nambarany fa fanajana lalàna sy ny fenitra demôkratika ny fandraisana anjara amin'ny fifidianana. Namafisiny ihany koa fa tsy hijanona hanatsikafona ireo tsy tomombana sy tsy fanarahan-dalàna ny MMM. « *Tsy ekentsika ary tsy avelantsika hanjaka ireo teti-dratsy rehetra hanodinkodinana ny safidin' ny Malagasy* », hoy izy. Nomarihany fa manomboka eto, tsy kandidàn'ny MMM irery intsony izy fa kandidàn' ireo Malagasy rehetra mila fanovàna sy sahy hanarina ny firenena. Miantso ny olompirenena rehetra leo ny adilahy politika koa ny tenany hifanome tanana aminy. Hatreto dia Atoa Hajo Andrianainarivelo no kandidà faniefany nilaza tamin'ny fomba ofisialy fa hilatsaka ho fidiana.

**JUDD**

Marc Ravalomanana

# "Miharihary ny fampiasana ny fahefana anaovana fampielezan-kevitra"

Raisin'ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana ho fihantsiana ilay taratasy laharana faha-162/2023-MID nosoniavin'ny Minisitry ny Atitany tamin'ny 27 jolay 2023 lasa teo, izay maniraka ireo Préfet sy Chef de District rehetra hitety Kaominina maika hanontany ny tena ilain'ny Vahoaka ho an'ny Fampandrosoana sy hanazava ny Politika ankapoben'ny Fanjakana (PGE) ary hitanisa ireo zavabitan'ny Fitondrana. Nahitsy io filoham-pirenena teo aloha io raha namoaka fanambarana, omaly fa tsy amin'izao fotoana fiafaran'ny fotoam-piasana izao no fanaovana ny ezaka hahafantarana ny hetahetan' ny vahoaka ho an'ny fampandrosoana sy fanazavana ny Politika ankapoben'ny Fanjakana. « *Mazava ny tetika sy ny tanjona amin'izao baiko nomen'ny Minisitrin'ny Atitany izao dia fampiasana ny fahefam-panjakana hanaovana fampielezankevitra mialoha ny fotoana hanohanana ny Mpitondra sy finiavana sahady handika ny Lalàna velona izay mitaky ny tsy tokony hisian'ny Fiandaniana sy Fitanilàna ataon'ny Administration sy ny Mpiasam-panjakana mialoha ny Fifidianana* », hoy Ing. Marc Ravalomanana tamin' izany.

**Hamaky bantsilana**

Araka ny voasoratra tao amin' io fanambarana io hatrany, dia miantso ny rehetra any amin'ny Kaominina tsirairay avy, hanara-maso sy hanao tatitra ary hamaky bantsilana izay mety ho fampiasana ny fahefam-panjakana sy ny Mpiasam-panjakana ary ny fananam-panjakana hanaovana fampielezan-kevitra hanohanana Kandida amin' ny Fifidianana Ing. Marc Ravalomanana. Mitaona ireo Mpiasam-panjakana mba hanaja ny tsy fiandaniana sy ny tsy fitanilana amin'ny fanatanterahana ny asany ihany koa ny tenany. « *Aza hadino fa fandikandalàna ny fanatanterahana baiko tsy ara-dalàna. Aza hadino ihany koa fa ny Mpitondra mandalo fa ny raharaham-panjakana mitoetra* », hoy izy tamin' izany. Farany, miantso ny CENI tsy hangina manoloana izay mety ho tsy fanarahan-dalàna manodidina ny fikarakarana fifidianna ihany koa io filohan'ny TIM io.

**Mamy R.**

Mihava-Tour

# Hotohizana amin'ny distrika efatra any Fianarantsoa

Any amin'iny faritr'i Betsileo iny indray no hanohizan'ny ekipan'ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko ny fihainoana ny maharary ny vahoaka, rehefa niato nandritra ny herinandro vitsivitsy izay. Araka ny fandaharampotoana efa napetraka mialoha dia ny distrikan'Ambositra no hisantarany azy, ny alakamisy 10 aogositra. Ary any Ambohimahasoa kosa ny « Pro-Siteny » ny zoma 11 aogositra, raha any an-drenivohitr'i Fianarantsoa ny asabotsy 12 aogositra. Ambalavao kosa no hamaranan'izy ireo ny fitsidiham-paritra. Ireo mpomba ny kandidà miloko mavo izay tsiahivina fa efa tafatsangana amin'ny distrika sy kaominina ary fokontany manerana ny Nosy, araka ny nampahafantariny nandritra ny fihaonambe, teny Mandrimena, Andoharanofotsy, tamin'ny tapaky ny volana jolay lasa teo. Efa tafapetraka toy izany koa ny mpomba ny depiote Siteny Randrianasoloniaiko any Eorôpa, taorian'ny fandalovan'ny ekipa tany antoerana, ny fiandohan'ny volana jolay lasa teo. Tsiahivina fa anisan'ny fotokevitra lehibe velabelariny mandritra ny fitsidihana ny fampiharana ny rafitra fitsinjaram-pahefana, mba ny eny ifotony no mandray antanana ny fampandrosoana ny faritra sy kaominina misy misy azy, amin'ny alalan'ny fisitrahana ny harena ao aminy. Ambonin'izany ny fametrahana ho ambony sy ho laharam-pahamehana ny tombontsoan'ny Malagasy, miohatra amin'ny an'ny hafa.

**V.R.**



Ny solombavambahoaka Siteny Randrianasoloniaiko. (Sary tahiry )


**CHANGE IN NAME**

Old name : **BRINDRA Kumar Yadav**

New name: **BIRENDRA KUMAR YADAV**

Adresse: Lot II F 26 Fitroafana Mandrosoa Ivato Tana

GCL 585/1


## Marina izany !

### Mahamay ny tanàna !

**Arakaraky ny androsoan'ny fotoana iandrandran'ny vahoaka vahaolana avy amin'ny tompon'andraikitra isan-tokony no tsikaritra ho vao maika mirongatra ny asan-jiolahy, amin'ny endriny samihafa. Mahamay ny tanàna no azo amintinana ny zava-misy satria tsy misy andro tsy andrenesana hala-botry sy sintomahery ary fanafihana mitam-piadiana mantsy, tato anatin'ny volana maromaro izao. Vokany, maro ny very fananana sy ny aina afoy vokatry ny hetraketraky ny mpanao ratsy izay toa zary lasa mahazatra ny sofina no mihaino azy. Tsikaritra ho tsy mipetraka eto amintsika intsony ny fametrahana ny aina ho saro-bidy fa asa efa natakalo vola sy harena ve? Mampanontany tena ny zava-misy ny amin'ny hoe: tsy fahampian'ny olombelona ve sa tsy fahalavorarian'ny fitaovana sa fanamaivanana ny zava-misy fotsiny izao no mahatonga ny mpitandro filaminana tsy mametraka paikady maty paika, hametrahana fandriampahalemana maharitra ? Marina fa misy ny azo sambo-belona ary misy koa ny vonoina eo no ho eo, saingy na eo aza ireny dia tsy mahatsiaro ho voaro intsony ny ain'ny vahoaka sy ny fananany. Ny somary mahalasa saina anefa dia mipetrapetraka dieny mialoha ny fandaminana, ary manao andiany maro ny mpitandro filaminana rehefa hanakana hetsika manana endrika sôsialy na pôlitika, indrindra raha tsy mitovy hevitra amin'ny mpitondra no manomana izany. Misy mihitsy aza ny tompon'andraikitra ambony no tsy misalasala manao kabary pôlitika sy manatrika fivoriana mamofompofona pôlitika na dia mifanohitra tanteraka amin'ny etika sy ny deontôlôjia tokony ananany izany. Tsy tokony hohadinoana anefa fa ny fahefana mandalo ny fahefana ary ny tantara mitoetra !**

Voahangy Rakotozafy

Fifidianana filoham-pirenena

# Nanome 4,5 Miliara ar ny Governemanta Japoney

Nitondra ny anjara birikiny amin'ny fanohanana an'i Madagasikara mahakasika ny fampandehanana ny raharaham-pifidianana teo amin'ny Governemanta Japoney. Omaly, tonga teny anivon'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana nanolotra lelavola mitentina 4,5 Ariary tamin'ny alalan'ny Masoivohony eto Madagasikara io firenena asiatika io. Araka ny resaka nifanaovan'ny roa tonta nandritra io fihaonana io, dia natokana hividianana fiara tsy mataho-dalana miisa 10 sy « moto cross » 148 hampiasaina eo anivon'ny CENI foibe sy ireo rantsamangaikany izany lelvola izany. « *Hihatsara kokoa ny fanatanterahan'ny CENI sy ireo ratsamangaikany ny asa nohon'ny fisian'ireto fitaovam-pitaterana izay mifanaraka amin'ny zava-misy eny ifotony. Hanampy azy ireo amin'ny fanatanterahana ny raharaham-pifidianana izany* », hoy ny Masoivohon'i Japana miasa sy monina eto Madagasikara, Atoa Abe Koji tamin' izany. Ny dikany, noho ny ny fahatsapan'ny Governemanta Japoney ny filàn'ny CENI eo amin'ny lafiny fitaterana amin'ny fanomanana sy ny fanaraha-maso ny fifidianana ho Filohan'ny Repoblika 2023 no nanosika azy ireo hanao izao fampitaovana izao

**Mamy R.**


**TOLOTRA MANOKANA Gazetiko**

Noho ny fahatraran'ny Gazety GAZETIKO ny faha 20 taonany dia misy tolotra manokana amin'ireo "Petites annonces" izay 500 ariary isan'andro. Atero aty amin'ny MIDI PUBLICITE 6, lalana Robin Ramelina Andohan'Analakely Ambatonakanga na aty amin'ny foiben'ny GAZETY Ankorondrano ny "Petites annonces".

*"Izay tonga aloha tompon-tanindrazana."*

*Fenoy amin'ny sorabaventy ny tapakila eto ambany ary atero amin'ny adiresy voalaza etsy ambony.*

Anarana : Fanampiny :

Adiresy : Nomerao C.I.N : Tél. :

ASIEF

# Raikitra ny fifaninanam-pirenena

*Efa vonona ihany koa ny Praiminisitra sy ny ekipany.*

Nanomboka, omaly, any andrenivohitr'i Betsimisaraka ny fifaninanam-pirenena, natokana ho an'ny mpiasampanjakana, andiany faha-6 amin'ny ASIEF. Anisan'ny zava-dehibe misongadina amin'ity fifaninanana indray mitoraka ity dia fidirana antsehatra ny mpitondra fanjakana, tarihin'ny Praiminisitra Ntsay Christian, izay hanao lalao fihantsiana no firahalahiana amin'ny Ekipa Voafantin'ny ASIEF eo amin' ny taranja basket-ball «mixte» sy ny baolina kitra.



Saro-piaro amin'ny fifaninanany ny mpitantana ny ASIEF ! (Sary : a.r)

Tsetsatsetsa tsy aritra no anamarihana fa nandritra ny dinika fampahafantarana sy fiarahabana ny mpandray anjara rehetra, izay manodidina ny 2 alina latsaka kely, dia nisy ny tsy fitovian-kevitra teo amin'ny ekipa tokony hifanandrina amin'ny mpikamban'ny Governemanta. Nanam-paniriana hifanandrina taminy koa mantsy ny mpitantana ny faritanin' i Toamasina ary nanomantena fatratra tamin'ny fanazarantena nataony. Hentitra sady tsotra no nanamarihan'i John Love fa fikambanana hoy izy ny ASIEF ka tsy misy fiovana ny fandaharampotoanany amin'ny fihaonan'ny ekipany amin'ny mpitantana ny Governemanta, izay efa nisy ny fifampidinihina mivantana mialoha teo aminy sy ny Praiminisitra Ntsay Christian amin'ny fanantanterahana ny lalao. Ho tanterahina amin'ny zoma 4 aogositra 2023, eny amin'ny kianja Barikadimy ny baolina kitra «Super Vétéran» ary sabotsy 5 aogositra 2023 kosa no hanaovana ny «basket-ball mixte», mialoha ny fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny fifaninanam-pirenena ASIEF amin'ny alahady 6 aogositra 2023. Marihina moa fa hatramin'ny sabotsy 12 aogositra 2023 ny hanaovana ny fifaninanam-pirenena ASIEF, izay handraisan' ny faritra 24 anjara.

**aris rafaly**

Kitra - " COSAFA Women's Cup "

# 44 mirahavavy no hifantenana Barea

Hotanterahana ny 23 aogositra hatramin'ny 3 septambra izao any Afrika Atsimo, ny fiadiana ny "COSAFA Women's Cup 2023", taranja baolina kitra. Handray anjara amin'izany ny Barean'i Madagasikara, izay hiatrika fampivondronana manomboka anio etsy amin'ny " Centre Technique Nationale" Carion. 44 mirahavavy no isan'ireo mpilalao nantsoina hifantenana, eo ambany fitantanan'ny mpanazatra, Théodore Béatrice. Ireto avy izy 44 mirahavavy. *Mpiandry tsatoby* : Rasonarivo Anastase(Ascuf), Volazara Bernadette (Afoa), Faraniaina Christina (Disciples FC), Fanomezantsoa Tovo Mamitiana(As Comato), Rakotoniaina Volaranto(Fcf). *Vodilaharana* : Touzafy Thérèse Fabiola (Afda), Solange Émiliene(Ascuf), Razafindraibe Prisca (Sabnam), Geneviève Razafindra, Velomanantsoly Njarasoa(Mifa), Mamitiana Florine(Som), Rabemaromanga Aina(Sabnam), Harimampionona Hasinirainy(Disciples), Razafiharivelo Tantely (Asot), Randrianarivola(Amm), Adylay Zirah(Sabnam), Rabenandrasana Jessica (Disciples), Ouarda(Afda), Razafinirina Mercia(Fcf), Ramanantenasoa Yrlac(Disciples FC), Noeline (3fb Betroka). *Irakiraka afovoany* Ramanantsoa Sitrakiniaina(Disciples), Ravaosolonirimanana Nadia(Mifa), Rahantanirina Koloina(MMA), Mbolaniaina Alice Francia(Disciples), Randrianavelo Helisoa Haingo(Sabnam), Nivonirina Hanitriniaina (Sabnam), Haingolalaina Mbolatiana(Ascuf), Tombo Jacques (Afda), Rasamison Andoniaina (Mifa), Rasoarimamonjy (Disciples), Tahinjanahary(Ascuf), Razafindrasoa Noella(Fcf), Soloniaina Julie(Ascuf), Raharimalala Véronique (Sabnam), Lefitriniaina Zo(Ajsai), Bao Zaki(Som), Rodeline Volazandry (Afda), Bemananjary Louise(Afda). *Lohalaharana* : Razazahanarovana(Amm), Rahasintsoa (Ajsai), Rasoamihaja (Asot), Ravelomanana (Ascuf), Rasoarimalala(Disciples), Rasoanantenaina (As Comato).

**Rabenaivo**

Taekwondo - "Jeux Mondiaux Universitaires"

# Raraka teo amin'ny fihodinana voalohany i Steve

Mizotra any ChengDu Sina amin'izao fotoana izao, ny "jeux mondiaux universitaires", eo amin'ny taranja haiady Taekwondo. Manana solontena miatrika izany isika, amin'ny alalan'i Rafanomezantsoa Campbell, latsaky ny 46kilao sy Rakotobe Steve Harivony, latsaky ny 68kilao. Omaly tamin'ny 4ora maraina teto amintsika no niakan-tsehatra i Steve, izay nifanandrina tamin'ny teratany Iraniana teo amin'ny fihodinana voalohany. Nivoaka mpandresy tamin'ny isa 7 no ho 6 teto ilay Iraniana, izay efa sangany amin'izany haiady izany. Andrasana ihany koa ny voka-dalao ho an-dRafanomezantsoa Campbell,



Niady mafy ihany i Steve fa mafy ny mpifanandrina taminy.

latsaky ny 46kilao solontenantsika miatrika ity fifaninanana ity. Marihana, fa fifaninanana ara-panatanjahantena natokana ho an'ireo Oniversite maneran-tany izy ity, hahafahana mandrefy ireo mpianatra mpanao fanatanjahantena amin'ny sehatra avo. Ny federasiona iraisampirenena ny spaoro eny anivon'ny Oniversite (FISU) no mpikarakara, izay isakin' ny roa taona no hanaovana azy. Tsorina, zava-dehibe ho antsika ny fandraisana anjara amin'ny fifaninanana ngezabe toy izao, indrindra ho an'ireto tanora ireto, izay hahafahany mijery ny haavo teknika sy maka fahaizamanao amin'ireo mpifanandrina, izay tsorina fa misy efa lmasa lavitra be raha mitaha amintsika. Inoana ihany koa, fa tafiditra amin'ny fanomanana ny Lalaon'ny Nosy izao, ka mba hivadika volamena ny zavatra noratovina tany Sina.

**Rabenaivo**

Fikambanana Iris - 5 taona

# Nomarihina tamin'ny tantsoroka ho fampandrosoana



Ireo angady nananana sy vy nahitana tamin'ny fanatanterahana ny seminera tetsy amin'ny ANS Ampefiloha ny alahady teo.

Ao anatin'ny fankalazana ny faha-5 taona nijoroany ny fikambanana Iris izay tarihin-dRtoa Aurelia Maillhol ankehitriny. Seminera lehibe ho tan-tsoroka amin'ny fampandrosoana eo amin'ny fiaraha-monina no nanamarihan'ny fikambanana izany tetsy amin'ny ANS Ampefiloha ny ny alahady teo. Tetsy andaniny, ny seminera natokana ho an'ny vehivavy eo amin'ny lafiny fitantanana, fampianarana ny lafiny fiaraha-monina, fa indrindra ny fomba atao mba hahombiazana amin'izao fahasahiranana iainan'ny malagasy izao. Ankilany, ny seminera mikasika ny anjara toeran'ny fanabeazana anaty fiarahamonina, izay notarihin'ny jeneraly Désiré Ramakavelo, akademisianina sady mpandalina tantara . Fa mialoha ireo hetsika ireo, dia efa nisy ny asa sosialy maro toy fambolen-kazo, fanomezana fanampiana an'ireo sahirana, fanampiana ny hopitaly, fanarenana ireo tratran'ny hetraketra-piainanana sy mila torohevitra, sns ao anatin'izao fankalazana ny faha-5 taonany izao araka ny fampitam-baovao.

**Niry R.**

Kitra - Jobilin'i Ahmad

# Azon'ny Barea de Madagascar ny laharana voalohany

Nahavelombolo ny mpankafy baolina kitra tany andrenivohitr'i Boina, omaly, ny voka-dalao azon'ny Barea de Madagascar tamin'ny lalao fitsapana no sady fihantsiana ary fanomanantena amin'ny lalaon'ny nosy, izay nifanaovany tamin'ny Ekipam-pirenen'i Mayotte, niondrika tamin'ny isa 3 no ho 1 teo anatrehan'ny ekipam-pirenentsika, no sady nentina nankalazana ny Jobily faha-45 taona ny Filoha Ahmad Ahmad teo amin'ny tontolon' ny baolina kitra Malagasy sy iraisam-pirenena. Teo ampialan-tsasatra dia nisaraka ady sahala 1 no ho 1 ny ekipam-pirenena roa tonta. Nandritra ny fizarampotoana faharoa dia nanova tetikady ny mpanazatra Romuald Rakotondrabe « Roro», ka tsy tana i Tendry sy nampiditra baolina tokana avy, nampitombo ny isa ho



Nahavelom-bolo ny vokatra azon'ny Barea tatsy Mahajanga.

telo satria i Tony no nanakobana ny haraton'ny vahiny voalohany. Raha noheverin' ny mpanaraka ny fihaonana tany Mahajanga, dia tsy vitsy no nihevitra fa ho sahirana ny Barea de Madagascar vao handavo ny mahorey. Ampatsiahivina mantsy fa tamin'ny fihaonana nataony tamin'ny Ekipa Voafantin'i Boeny, dia nomontsanin'ny vahiny tamin'ny isa 4 no ho 0 ny tompon-jaridaina. Tetsy andanin'izany anefa ny Barea de Madagascar dia nivoaka sempotra vao nandresy an'i Mahajanga tamin' ny isa 2 no ho 1. Marihina fa zava-dehibe ho an'ny toetsain'ny mpilalaontsika tokoa izao fandresena indroa miantaona azony izao. Mahery tsy maody, hono, anefa tsy ela velona ka mbola tsy azo ny misioka raha tsy afaka ny ala. Mandram-pahatonga ny lalaon'ny nosy, izay herinandro vitsy sisa no isaina, dia fanirian'ny ny hihaonan'ny Barea de Madagascar amin' ny Ekipa Voafantina Analamanga sy ny Ekipa Voafantin'ireo nanao « Orange Pro League », izay heverina fa ahazoan'ny ekipam-pirenentsika dona sy tsapa ny fihaonana ataony amin'ireo ekipa anankiroa ireo. Fihaonana izay tokony hatao eo amin'ny kianjan'i Mahamasina mba tsy tampohin'ny ilalaovana eo koa ny Barea de Madagascar.

**aris rafaly**

Kitra - Tompondaka Analamanga D1

# Norombahan'ny FC Rouge ny amboara

Nandritra ny lalao famaranana tamin'ny fiadiana ny tompondakan'ny Ligin'Analamanga tamin'ny ny baolina kitra, dia isa mazava 3 no ho 1 no nandresen'ny FC Rouge-n'i Soavimasoandro ny ekipan'ny AS Sainte Anne. Teo amin'ny fe-potoana ara-dalana dia nisaraka ady sahala 1 no ho 1 ny ekipa roa tonta. Araka izany voka-dalao izany dia tsy maintsy notanterahina ny fanalavam-potoana, ahitana ny ekipa hisalotra ny anaram-boninahitra. Nisongadina teo ny traikefan'ny ekipan'i Soavimasoandro, izay nanahirana ny ekipa miatrika ny « Orange Pro League», nandritra ny lalao fifanintsanana tamin'ny Telma Coupe de Madagascar.

**a.r**